
ZAVATRA MAHAFINARITRA

# Kilalao fisaorana

Mampianatra antsika ny soratra masina mba ho feno fisaorana (jereo ny Salamo 100:4). Afaka miala voly ianao *ary* maneho fankasitrahana rehefa milalao ity kilalao ity!



1. Mitadiava toerana malalaka ahafahanareo mihazakazaka. Misafidiana toerana iray hatao "toerana fisaorana."
2. Samy afaka mifampikasika ny tsirairay! Rehefa voakasika ianao dia ataovy eo amin'ny faritra nahavoakasika anao ny tanana iray. Mbola afaka mikasika olona hafa ianao amin'ilay tananao ilany.
3. Rehefa voakasika fanindroany ianao dia ataovy eo amin'ilay faritra faharoa voakasika ny tananao ilany.
4. Rehefa voakasika *fanintelony* ianao dia mandehana any amin'ilay toerana fisaorana dia milazà zavatra telo mahafeno fankasitrahana anao. Rehefa avy nilaza zavatra telo ianao, dia afaka miverina milalao indray.

SARY NATAON'I STEFANI MCCLARY

Inona ary no lazain'io giraffe io araka ny eritreritrao? Sorato dia lazao anay! Mandehana any amin' ny fonon'ny boky any ambadika mba hahitanao ny fomba hanaovana izany.

